



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fivaviana - Tanindrazana - Fandrosoana



REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA  
TAONA 2023

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-291EX

LANONAM-PAMARANANA NY FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA VOALOHAN'NY  
ANTENIMIERAMPIRENENA, TAONA 2024

Fivoriana faha-6  
Natao ny  
Zoma 9 febroary 2024  
- Atoandro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** Andriamatoa isany: - RAHOLDINA NAIVO Herinantsoina  
- RABENIRINA Maminiaina Solondraibe

**FOTOANA:** Zoma 9 Febroary 2024, tamin'ny 11 ora sy 25 minitra, atoandro.

**FANDAHRAM-POTOANA:** Lanonam-pamaranana ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2024.

- Lakolosy -

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

**Ramatoa FILOHA**

Tompolahy sy Tompokovavy, mitohy ny fivoriantzika.

Miarahaba antsika rehetra tonga manatrika izao lanonam-pamaranana ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2024 izao.

langaviana ampanajana, Andriamatoa Mpitantsoratra, mba hamaky ny andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny Didim-panjakana laharana faha-2024-232 tamin'ny 8 Febroary 2024, izay mampiato izao fotoam-pivoriana tsy ara-potoanan'ny Antenimierampirenena izao.

- 2 -

- Famakiana ny andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana  
sy ny Didim-panjakana laharana faha-2024-232 -

**Andriamatoa RABENIRINA Maminiaina Solondraibe**

Andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana:

Mivory tsy ara-potoana araka ny lahadinika voafaritra ny Antenimierampirenena noho ny fitarihan'ny Praiminisitra, na noho ny fangatahan'ny antsasa-manilan'ny mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena araka ny Didim-panjakana noraisin'ny Filohan'ny Repoblika teo amin'ny Filankevitry ny Minisitra.

Tsy mihoatra ny roa ambin'ny folo andro ny faharetan'ny fotoam-pivoriana; na izany aza anefa, raha vantany vao tapitra ny lahadinika izay niantsoana ny Antenimierampirenena dia faranana amin'ny alalan'ny Didim-panjakana ny fivoriana.

Toy izao no fivakin'ny Didim-panjakana laharana faha-2024-232 niantso an'ity fivoriana tsy ara-potoana ity:

**PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE****DECRET N°2024-232  
portant clôture la session extraordinaire du Parlement****LE PRESIDENT DE LA REPUBLIQUE,**

Vu la Constitution, notamment en ses articles 76 et 85;  
Vu le décret n°2024-007 du 04 janvier 2024 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement;  
Vu le décret n°2024-020 du 14 janvier portant nomination des membres du Gouvernement;  
Vu le décret n°2024-071 du janvier 2024 portant convocation du Parlement en session extraordinaire;  
Vu les lettres n°006-24/SENAT/PS/Q/SG du 08 février 2024 et n°035-AN/SG/2024 du 08 février 2024 informant le Premier Ministre, Chef du Gouvernement, de l'épuisement de l'Ordre du Jour de la session extraordinaire du Parlement;  
Sur proposition du Premier Ministre, Chef du Gouvernement,  
En Conseil des Ministres,

**DECRETE:**

**Article premier** - La session extraordinaire du Parlement est déclarée clôturée le 09 février 2024.

**Article 2** - En raison de l'urgence et conformément aux dispositions des articles 4 et 6 alinéa 2 de l'Ordonnance n°62-041 du 19 septembre 1962 relative aux dispositions générales de droit interne et de droit international privé, le présent décret entre immédiatement en vigueur dès sa publication par voie radiodiffusée ou télévisée, indépendamment de son insertion au Journal officiel de la République.

**Article 3** - Le Garde des Sceaux, Ministre de la Justice, le Ministre de la Décentralisation et de l'Aménagement du Territoire, le Ministre de l'Economie et des Finances, le Ministre de l'Intérieur et le Ministre de la Communication et de la Culture sont chargés, chacun en ce qui concerne, de l'exécution du présent décret qui sera publié au Journal Officiel de la République.

Fait à Antananarivo, le 08 février 2024

Par le Président de la République,

**RAJOELINA Andry**

Le Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

**NTSAY Christian**

Izay no fivakin'ny andinin-dalàna voalaza sy ny Didim-panjakana, Ramatoa Filoha.

**Ramatoa FILOHA**

Misaotra ny Mpitantsoratra isika tamin'ny nanatontosany ny famakiany ny andinin-dalàna manamarina ny fivoriana tsy ara-potoana sy ny Didim-panjakana manamarina ny famaranana izany fivoriana izany.

Arak'izany, hita fa feno ny fepetra ahafahana mamarana izao fotoam-pivoriana tsy ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2024 izao.

- 3 -

**- Kabary nataon-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena -****Ramatoa FILOHA**

Alohan'ny hamaranana dia teny fohy tiana hampitaina.

Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta;

Andriamatoa Filohan'ny Antenimierandoholona;

Ianareo Mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena;

Ianareo Solombavambahoaka, namana hajaina;

Ianareo Minisitra mpikambana ao amin'ny Governemanta manatrika etoana;

Andriamatoa Filohan'ny Fitsarana Tampony;

Andriamatoa Filohan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Zon'Olombelona;

Andriamatoa Sekreteram-panatanteraka ny Filankevitry ny Fampihavanana Malagasy;

Ianareo Mpiara-miombon'antoka Ara-teknika sy Ara-bola amin'ny Antenimierampirenana;

Andriamatoa Sekretera Jeneraly sy ny mpiara-miasa rehetra ato amin'ny Antenimierampirenana;

Ianareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery samihafa;

Ianareo olo-manan-kaja ambony Sivily sy Miaramila izay tonga manatrika etoana araka ny laharam-boninahitrareo tsirairay avy;

Tsy hadino koa ianareo Raimandreny na ara-pinoana izany na ara-drazana.

Tompokolahy sy Tompokovavy, hajaina;

Amim-panajana arahin-karavoana mandrakariva no iarahabako antsika rehetra vory lanona eto indray amin'ity fotoana efa voaomana ity.

Isaorana ny Ray, deraina ny Tompo, fa nosoaviny hatrany isika. Notafiany fahasalamana ary noravahany endrika mirana. Izay asa natao teto no vita dia Izy no nitahy sy nandahatra. Nantsoina isika hanatontosa ka nahatanteraka izany isika teto amin'ny Antenimierampirenena

Arahabaina ianareo vahiny manan-kaja, tomponandraiki-panjakana ambony nanohina ny antso, namaly indray ny fanasana izay nataonay amin'ity androany ity.

Eto ihany koa ianareo tompon-trano Solombavambahoaka namana mpiara-miasa, tsy azo seranina ampitenenana, tsy azo dikain-karahaba ianareo.

Arahaba, sarasara Tompoko, ho velon'aina hambinin-tsoa.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Na fohy aza ny angady na nidadasika aza ny sahan'asa; vita no anarany izay natao teto; na fohy aza ny fotoana na goavana aza ny asa niandry, ireto no vokatry raha hotanisaina:

Volavolan-dalàna niisa roa (2) no nipetraka teto amin'ny Biraon'ny Antenimierampirenena, ka lany avokoa tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna izy ireo.

Anisan'ny anton'iny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana iny koa ny fanoloran'ny Governemanta izay tarihin'Andriamatoa Praiminisitra, NTSAY Christian, ny fandaharan'asany momba ny fampiharana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana na ny PGE.

Arahabaina ny Governemanta afaka namelabelatra izany PGE izany teto amintsika, arahabaina koa ny Solombavambahoaka rehetra tsy ankanavaka nanatrika sy nankatoa izany

Ny 30 Janoary:

Nanohana ny fanokafana nasionaly ny taom-pambolen-kazo, taona 2024, teny Imerintsiasika ny Solombavambahoaka sy ny mpiasan'ny Antenimierampirenena.

Misaotra antsika rehetra tonga maro navitrika tamin'izany.

Ny 28 Janoary ka hatramin'ny 1 Febroary:

Fitsidihana ara-pomba ofisialy nataon'ny Filohan'ny Antenimierampirenena tany "Algerie": nisy ny fihaonana tamin'ireo tomponandraiki-panjakana isan-tsokajiny tany an-toerana, ka anisan'izany:

- ny Filohan'ny «Assemblée Populaire Nationale», Andriamatoa IBRAHIM Boughhali;
- ny Filohan'ny «Conseil de la Nation» na ny «Sénat», Andriamatoa SALAH Goudji;
- ireo Minisitry efatra (04) avy ao amin'ny Governemanta dia ny:
  - Minisitry ny Raharaham-bahiny, Andriamatoa AHMED Attaf,
  - Minisitry ny Kolotsaina, Ramatoa SORAYA Mouloudji,
  - Minisitry ny Fitantanam-bola, Andriamatoa LAAZIZ Fayed,
  - Minisitry ny Varotra, Andriamatoa TAYEB Zitouni.

Ny 1 Febroary:

Natao ny fanolorana ny fandaharan'asa ho fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana izay nataon'Andriamatoa Ntsay Christian, Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta.

Misaotra ny Mpisolo toerana tamin'ny fanatontosana ny adidy sy andraikitra mifanandrify amin'izany satria ny tenako tsy teto an-toerana.

Ny 2 Febroary:

Nihaona tamin'ny Filohan'ny Antenimierampirenena sy ny solotenan'ny Biraon'ny Maharitra, Andriamatoa Ambadaoron'i "Inde". Izany dia mikasika ny fanolorana fanomezana «panneaux solaires» ho an'ny Antenimierampirenena ary fijerena ny fivoaran'ny asa fametrahana azy no natao.

Ho avy ny fifidianana parlemantera any Inde, ho avy koa ny an'i Madagasikara. Irariana ny hisian'ny fihaonana eo anivon'ny parlemanta roa tonta aorian'izany mba hahafahana manohy hatrany ny fiaraha-miasa eo amin'ny Vondrom-pifankatiavana Parlemantera Madagasikara-Inde.

Ny 6 Febroary:

Nisy ny fivoriana nokarakarain'ny UNICEF sy ny mpiara-miombon'antoka niarahana tamin'ny Solombavambahoaka mikasika ny ara-tsakafo sy ny vaksiny ho an'ny zaza Malagasy. Voaresaka tamin'izany ny tokony hampiakarana ny tetibola hatokan'ny Fanjakana Malagasy ho an'ny fividianana vaksiny sy famatsiana ara-tsakafo ny zaza Malagasy. Entanina isika Solombavambahoaka tsy hanao ambanin-javatra ny mahakasika izany rehefa handany ny tetibolam-panjakana, ka ho hentitra koa amin'ny fanaraha-maso amin'ny fampiasana ny vola, satria iankinan'ny fahasalaman'ny taranatsika izany.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Toy izay sy toy izay no niainan'ny Antenimierampirenena iny fotoam-pivoriana naharitra roa amby folo (12) andro iny.

Misaotra antsika rehetra nahatontosa antsakany sy andavany ny adidy sy andraikitra rehetra nandritra izany fotoana rehetra izany, tao anaty filaminana sy fitoniana.

Raha eo amin'ny raharaha-pirenena indray dia misy ny azo ambara, indrindra eo amin'ny lafiny tsy fandriampahalemana. Efa mandray ny andraikiny mandrakariva ny mpitandro filaminana, ka isaorana azy ireo izany. Ny hita sy tsapa dia miha-mahery vaika hatrany ny fivoaran'ny tsy fandriampahalemana. Mirongatra ny fakana takalon'aina (kidnapping), hitantsika any amin'ny haino aman-jery izany. Eo ihany koa ny fanapahan-doha sy ny fanapahan-tànana indray amin'izao fotoana izao ary amoizan'aina mihitsy izany. Saro-pady anefa ny aina, an'Andriamanitra ny aina, ka izay rehetra manimba sy maningotra ny aina na amin'ny fomba ahoana na amin'ny fomba ahoana dia tokony hialàna im-pito mandifotr'olona. Tsy midika velively hoe mankasitraka ny asan'ny mpanao ratsy, ka mba tsy ho tsiny eo anatrehan'Andriamanitra izay fandatsahan'aina izay.

Raharaha-pirenena ihany, mikaikaika ny olona amin'ny vidim-piainana tsy mitsaha-miakatra. Tsy tokony hikombona ianareo fitondram-panjakana mahefa amin'ny fitadiavam-bahaolana manoloana izao fahasaratana izao, satria aina ity hoy Rainimanonja. Henoy daholo izay rehetra afaka manolotra hevitra tsara hahatongavantsika any amin'ny tanjona. Henoy ny Mpahay hary, ny vondron'ny mpandraharaha ara-toekarena, sns... satria ny hevitra ny maro mahataka-davitra.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Ho tohin'ny lahateny dia anterina hatrany, fa mila fanasitranana ity firenentsika ity ary iaraha-manana izy ity ka samy tomponandraikitra isika rehetra. Aoka hohalavirina ny fisarahan-bazana fa ny fampiraisana no tiana sy ankasitranan'ny Malagasy. Tsy misy mahazo tombontsoa amin'ny fampiasan-kery rahateo na amin'ny endriny inona izany, fa fitoniana izao no tokony himasoantsika rehetra.

Tsy mitsahatra izahay ny manambara fa ny ato amin'ny Antenimierampirenena dia sehatra azo ifanatonana tsara sy azo ifanakalozan-kevitra ho fanajana ny fenitra demokratika.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Toy izay sy toy izay no azo ambara. Toy ny mahazatra dia miandry antsika Solombavambahoaka ny vahoaka amin'ny tatitry ny asa vita teto ary tena mila fanazavana tsara ireo volavolan-dalàna miisa roa (2) izay nolaniatsika teto ireo.

Koa mirary anareo Solombavambahoaka rehetra hahavita izany adidy izany, ho tody soa aman-tsara any amin'ny toerana nahavoafidy anareo tsirairay avy any ary mba ho voahomana tsara isika na ianareo amin'ny famaranana ny fe-potoam-piasana na ny "mandat" sy izay mbanjinina aorian'ny fahataperan'ny fe-potoam-piasana dia ny fifidianana izany na rahoviana io na rahoviana.

Ho an'ny vahoaka Malagasy kosa indray dia mankahery amin'izao toetr'andro ratsy izao. Maro no ahiana rehefa vanim-potoam-pahavaratra toy izao, koa aoka samy hiomana fatratra amin'izany isika rehetra; na ny vahoaka na ny olom-boafidy na ny tomponandraikitra indrindra indrindra, amin'ny voina voajanahary mety hitranga amin'ny firenentsika. Enga anie ka mba hieren-doza i Madagasikara.

Misaotra Tompokolahy,  
Mankasitraka Tompokovavy.

Samia ho soavin-janahary aby isika rehetra.

- Tehaka -

- 4 -

- Fifaranan'ny fivoriana

#### **Ramatoa FILOHA**

Tompokolahy sy Tompokovavy, ambarako fa mifarana anio Zoma 9 Febroary 2024, ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2024.

Mirary ny Solombavambahoaka mba ho tody soa aman-tsara any amin'ny Distrika niaviantsika tsirairay avy, na ny lavitra na ny akaiky, ho tafitan'ny lalana anie ianareo satria fotoam-pahavaratra izao ka mety hiakatra ny rano, ny lalana simba ka ny andriahon'Andriamanitra anie hitantana ny dianareo.

Misaotra Tompokolahy,  
Mankasitraka Tompokovavy.

Samia hotahian'Andriamanitra.

- Lakolosy -

Nifarana tamin'ny 11 ora sy 50 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona